Hirao Ilay Hira Momba ny Herim-po

Vakio ny Salamo 27:6. Tia mozika i Davida, ary matetika izy no nanao hira fiderana an'i Jehovah. Nanampy azy ho be herim-po ireny hira ireny. Hanampy anao ho be herim-po koa ny hira.

Vakio ny tonon'ilay hira hoe "Omeo Fahasahiana Izahay." Nahoana io hira io no manampy antsika ho be herim-po? Ianaro tsianjery ilay hira, ary iaraho mihira amin'ny fianakavianao.

AFORETO

HIRA 137

Omeo Fahasahiana Izahay

(Asan'ny Apostoly 4:29)

1. Na dia miezaka aza izahay
Amin'ny asa fitoriana,
Maro be no maneso anay,
Manakivy, manakiana.
Nefa ianao no ekenay,
Tsy hatahotra olona izahay.
Hatanjaho re 'zahay, Jehovah,
Ny fanahinao no ilainay.

(AVERINA ISAN'ANDININY)

Omeo fahasahiana izahay,
Omeo herim-po hatrany.
Omeo toky mba tsy hanahy,
Fa hitory eran-tany.
Efa kely 'zao ny fotoana,
Efa akaiky Hara-magedona.
Omeo fahasahiana izahay,
Hitory foana.

2. Na matahotra aza izahay,
Dia miantehitra aminao.
N'inon'inona hanjo anay,
Fantatray fa eo ianao.
Ry Jehovah, mba jereo
Satria mandrahona izy 'reo.
Koa ampio 'zahay tsy ho kivy,
N'inon'inona mbola hiseho.

(AVERINA ISAN'ANDININY)

www.jw.org © 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania